FITATERANA

# Lasa olana ho an'ny mpandeha sy ny resevera ilay 600 Ar

Tsikaritra eny rehetra eny fa toa lasa olana miteraka fifamaliana be ho an'ny mpandeha sy ny resevera indray, ny saran-dalana 600 Ar amin'izao fotoana izao, noho ny tsy fahampian' ny vola madinika famerim-bola. Ny resevera raha vao hitaky dia manao hoe: homany ny vola madinika , ka raha vao omena 1000 Ar no miakatra dia mamoaka feo matanjaka toy ny hoe: "tsy misy madinika angaha ", ny mpandeha koa anefa tsy diso raha mba mitaky ny famerim-bolany manao hoe: aiza ilay 400 Ar tamin'ilay 1000 Ar teo? hany ka lasa fifamaliana be ny raharaha, nefa ny rariny dia asan' ny mpitatitra ny milalao vola toy ireny ka tokony mba hiomana amin'ny madinika hatrany raha te-hahita vokatra tsara amin'ny asa atao. Tsorina fa ny ankamaroan'ny mpandeha vao mivoaka ny trano maraina dia mety mbola tsy ampy vola madinika, tsy afaka manakalo vao maraimbe, nefa mba miandry ireo mpitatitra ihany koa izay efa nahazo kely. Mazava araka izany fa raha vola vaventy no entina amin'ny fitaterana iray matetika dia efa miomana amin'ny fifamaliana ihany koa indraindray, sarotra ho an' ireo resevera ny vola 100 Ar, 200 Ar, ka mahatonga ny sasantsasany amin'ny mpandeha hiteny hoe: rehefa alahady vita fiangonana iny dia tsara ho azy ireny ny manakalo vola madinika avy natao rakitra, ho enti-miasa alatsinainy, ary ny andro fiasana dia mba hanontanio ihany ny mpangataka, fa izy ireny no manana madinika sahaza!



*Fitaterana eto Antananarivo Renivohitra.*

**Beharo**

Paraina Auguste

# Mety hiteraka korontana ny fifidianana ho avy raha miziriziry ny mpitondra

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana ny mpanao politika Paraina Auguste tamin'ity herinandro ity, izy dia efa minisitra, filohan'ny Antenimierampirenena ary efa Ambasadaoron'i Madagasikara tany Senegal ihany koa. Nambarany fa mety hiteraka korontana ny fifidianana ho avy eto amintsika, raha miziriziry amin' ny heviny ny fitondrana Rajoelina. Nosoritany fa:" mitady hamitapitaka ny Vondrona Eôrôpeanina ny fanjakana, tsy tokony hanao vava be anefa izy ireo, satria mbola miankin-doha amin'ny vondrona iraisam-pirenena hatramin'izao. Miziriziry amin' ny heviny ary mitady hikarakara fifidianana samirery ny fitondrana Rajoelina kanefa hita ihany, fa misy ambadika sy kajy tsy hisian'ny mpanaramaso avy any ivelany no tanjon'izy ireo. Tsy hisy hankato izay valim-pifidianana eo ny iraisam-pirenena ary hiteraka krizy eto Madagasikara indray ny bontolo tadiavin'izao fitondrana izao atao," hoy ihany ity mpanao politika sady diplaomaty ity.

**Stefa**



*Ny mpanao politika Paraina Auguste.*

Rafanomezantsoa Jean Nirina.

# 3 taona nijoroana nahitambokatra ny fitsaboana nataon'ny FITRAMA

Fotoana Tokony Homezana Sehatra Ny Fitsaboana Nentimpaharazana Izao satria ny 80% ny olom-pirenena Malagasy no mbola miaina ao anatin'ny fitsaboana nentimpaharazana. Lalana iray nahafahana nandresy ny aretina Coronavirus teto Madagasikara ity fitsaboana maha Malagasy ity. Nilaza Rafanomezantsoa Jean Nirina Tale Jeneralin' ny orin'asa FITRAMA Fitsaboana Tradisionely Malagasy) efa 3 taona izao no nijoroany , fa azo tsapain-tanana izany trangan-javatra izany nandritra ny fandraisana ny olona marary amin'ny alalan'ny « Huile essentiel » sy « Eau floral » avy amin'ny zava-maniry eto an-tanindrazana izay nitsaboana an'ireo karazana aretina rehetra nandritran' ny fotoana nampiroborobo ny aretina Coronavirus. Nanohy fanaza- vana ny Tale jeneraly Fitrama fa tokony homena sehatra manomboka izao ity sehatra fitsaboana izay manandratra ny maha Malagasy ity satria mahavita manasitrana an'ireo aretina sarotra tsaboina toy ny aretin'ny voa,ny aretin'ny fo,ny tosi-drà sy ny sisa izay tsy maintsy andanian'ny olona volabe hatrany ampitan-dranomasina. Nanamafy Rafanomezantsoa Jean Nirina fa tsy maintsy mandalo dingana maro ireo mpitsabo nentim-paharazana izay mikambana ao amin' ny ANTM ary mandalo fanadihadiana mandritran' ny taona maro ny mpitsabo nentim-paharazana iray izay vao mahazo fankatoavana hanatanteraka ny asa. Manaitra ny mpanapa-kevitra eto amin'ny firenena mba hiaro sy hanome tolo-tanana ny fitsaboana nentim-paharazana manoloana an'ireo olona manaratsy sy manoso-potaka an'ity sehatra fitsaboana ity. Nametraka sakana marolafy ireo olona na vondrona vitsivitsy ireo mba tsy hivelatra eo amin'ny sehatra nasionaly sy iraisampirenena ny fitsaboana nentim-paharazana .



**Franck Razakambelo**

Fokontany Antsakoameloka Trano may lasa lavenona

# Entana Mitotaly 1 Milliard 500 Millions no lasa lavenona

Nitragana haitrano tao amin'ny fokotany Antsakoameloka kaomininana Morondava ny atoandron' ny talata 6 septembre teo , ka trano iray efitra 4 sy fiara iray no may tsy nisy azo noraisina. Nanomboka tamin'ny 11ora sy 20mn no nahitana ny afo izay avy ao an-tafotrano. ora iray dia voafehy ny afo nohon'ny fahaiza-manaon'ny mpamonjy voina sy ny firaisakinan'ny fokonolona. Ity trao may ity moa dia trano fitehirizana entana sy trano fiasana ana mpandraharaha iray izay mikirakira momban' ny sambo sy fiara Mitetibidy 1.500.000.000 fmg ny etana may satria dia maro ny kojakojan'ny fiarakodia sy sambo may tao. Tsy fantatra aloha hatreto izay tena niatombohan'ny afo, fa efa manao ny fanadiadiana ny mpitandron'ny filaminana. Ahiana ho mety misy nandoro hoy ireo nahita ny loza satria afo avy ao ambonin'ny tafo no niatombohany.

**Radeka**

Fanaboarana Trano Mora tetik'asan'ny filoha

# Tsy mandray karama ireo mpiasa

Mitaraina ireo mpiasa marobe izay manatanteraka ny asa fanamboarana ny trano mora ao Bemokijy kaominina Morondava tetik'asan'ny filohampirenena. Antsasa-karama ihany hatramin'izay no noraisin'ireo mpiasa ary nilaza koa ny tompon'andraikitra manao ity asa ity fa hatsahatra aloha ny asa , ka zay no tena mampitaraina ireto mpiasa ireto satria maro amin'izy ireo no avy lavitra any Fianarantsoa. Sahirana izahay hoy izy ireo satria ny fampidirana mpianatra tsy maintsy hatrehana , ny fiainana sarotra , nefa ny karama koa tsy omen'ny mpampiasa . Efa nanatona ny sampandraharaha-paritra ny asa ary nametraka fitarainana izahay hoy ireo mpiasa . Efa nantsoina ihany koa ilay mpampiasa izay tsy ao an-toerana fa any Nosy be , ka ny solon-tenany no nalefany tamin'izany. Miezaka mamaha ny olana ny eo amin'ny sampandraharaha-paritra ny asa fa mbola tsy nisy vokany aloha hatreto. Raha ny tetikasan'ny filoha ao Menabe no resahana dia zary nofy nofy satria dia toa fanaganana fototra no malaza fa avy eo tsy hita akory ny tohin'ny asa , fa toa mihantona avokoa. Ao ireo tsy hita ny tohiny , toy ilay fananganana oniversite izay efa nandaniana vola maro tamin'ny fametrahana ny vato fototra , saingy hafindra lava ny toerana hasiana azy , ka lany andro mametraka vato fototra fa tsy hita izay asa voatsangana. Efitrano sekoly roa tokony ho vitaina tao anatin'ny 3 volana aza moa efa ho 2 taona sy tapany tsy mety vita, ary maro ireo mpiasa manao ireny tetikasan'ny filoha ireny no tojo olana toy ity tranga misy amin'ireto mpiasa manao ny trano mora ireto.

**Radeka**

JMA andiany faha 6

# Hamolavola Tanora Mpitarika Sy Mpandraharaha Vaovao Miisa 25

Hifarana amin'ny 10 Septambra 2022 ho avy izao ny fisoratana anarana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fifaninana JMA Jci Malagasy Akademia) izay hotanterahina etsy etsy amin'ny Toby Miaramila Ivato manomboka ny 11 Septambra 2022 ka hatramin'ny 18 Septambra 2022 ho avy izao.Nilaza Ramatoa Miharisoa Bariniaina Rakotonirina filohan'ny Jci Iarivo no sady mpikaraka ny hetsika fa ny JMA dia hetsika fiofanana ho an'ny tanora ho lasa mpandraharaha matihanina sy hiroso bebe kokoa amin'ny tontolon'ny fandraharahana . Noho izany hamolavola an'ireo tanora miisa 25 ho lasa mpitarika sy hahafehy ny fitantanana sy fananganana tetik'asa ary hotaizana hahay mi-ara miasa amin'ny olona rehetra ireto tanora ireto. Nanamafy ny mpikaraka fa "Module" miisa 21 no hanofanana ny ankizy mandritran'ny herin'andro miaraka amin'ireo manam- pahaizana sy mpiofana iraisam-pirenena miisa 12 izay hizara fahalalana amin'ireo mpiofana no sady hampianatra an'ireto farany ny fiainan'ny mpa-ndraharaha amin'ny ankapobeny. Hitsidika an'ireo orin'asa lehibe miisa 3, hamita ao anatin'ny fotoana fohy ny fandaharam-pianarana ao anatin'ny "Module" miisa 21. Handalo sivana miankina amin'ny fianarana vita sy ny fahaizany ireo tanora maniry hiatrika an'ity fiofanana ity ary kandida mi-isa 25 ihany no hiatrika ny fiofanana mandritran'ny herin'andro.Tsiahivina fa ny JCI Madagasikara dia ratsamangaikan'ny "Jci Japan Academy" izay manofana ankizy ho mpitarika any aoriana any , ary hamolavola ny tanora hamorona asa ho fampivoarana ny toekarena no tanjon'ny fandaharan'asa. Marihina fa ny fikambanana Tamberina no miara miasa amin'ny Jci Madagasikara mandritran'ity hetsika fiofanana ity ary hanome" kit's" ho an'ny mpandray anjara sy hiantoka ny fitaterana an'ireto farany mandritran'ny herin'andro ity fikambanana ity.

**Franck Razakambelo**